MIEZAKA MAKA TAHAKA RAJOELINA

Ny filoha Ravalomanana ihany no « vrai Marc » sy tena « original »

''Aza matahotra minoa fotsiny ihany'', araka ny voalaza ao amin'ny Marka toko faha-5 andininy faha-36, no andinintsoratra masina nofidian' ny Filoha Marc Ravalomanana, ho filamatra sy nanehoana tamin'ny vahoaka malagasy, fa rehefa miasa amin-kitsimpo sy amim-pahamarinana ary indrindra miaraka amin'ilay Telo izay iray dia ny Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina dia mahita fahombiazana hatrany, satria izay ilay atao hoe ''finoana arahin'asa '' sy ''miasa amim-pinoana''.

Ingahy Rajoelina filoha ankehitriny dia efa hatramin'ny ela no efa tsikaritra, fa mangala-tahaka ny Filoha Ravalomanana, nanomboka tamin'ny firotsahana ho ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra avy eo dia nitady lalana ho lasa filohampirenena.

Ny tanjon'ny Filoha Ravalomanana no enjehindRajoelina ho tratrarina, saingy ny lalana nizorana namonjy an'ilay tanjona no mifanohitra toy ny atsimo sy avaratra, satria ny an'i Dada nandeha nanaraka ny lalan'ny fahamarinana, fa ny an'i Boaikely kosa nizotra tamin'ny fanaovana herisetra sy hoso-pifidianana .

Dia mba naka andinintsoratra masina tao amin' ny baiboly koa ilaikely, saingy mampiomehy araka ny fitenin-jatovo satria toa fihetsika ivelany no betsaka fa tsy hita izay fanarahana ny voalazan'ilay andinin-tsoratra masina ; '' fa ny fitiavana'' hono ''no lehibe indrindra'', kanefa ny fihetsik'Ingahy Filoha ankehitriny, dia feno fankahalana sy valifaty, ary ilay fitiavana tanisaina tsy ilay fitiavana avy amin'Andrimanitra ,fa sadasada ihany, raha misy dia fitiavana toy ny fahita any amin'ny ''boite de nuit '', Ingahy filoha ankehitriny rahateo iarahamahalala fa ''Dj''.

Tao anatin'ny herinandro vitsivitsy izay dia tsy tahotra tsy henatra, fa naka tahaka tanteraka ny nataon'ny Filoha Ravalomanana Ingahy Dj, satria nanafatra ombivavy beronono sady nentina fiaramanidina mihitsy ireo ombivavy, mazava izany fa tsapan'Ingahy Dj ihany, fa tsara sy nahomby ny nataon'ny Filoha Ravalomanana niezaka mafy nampihinana ronono sy sakafo vokatry ny rononon'ny vahoaka malagasy ary tsy izay ihany fa nametraka ny vato fehizoron'ny antsoina hoe ''Auditorium'' teo amin'ny toerana nisy ny Radiompirenena izay nodorany sy ny mpomba azy tamin'ny 26 Janoary 2009 Ingahy Dj. Ny olompirenena rehetra dia samy mahatadidy fa nodoran'ny olon' Ingahy Dj koa ny ''Auditorium '' izay natsangan'ny Filoha Ravalomanana teny Ankorondrano. Voaporofo eto fa mety ireo noravana matoa naverina .

Tany ambony dabillio dia misy foana ny mpianatra mahay sady mahomby, fa misy koa ireo tsy mahavoa mihitsy fa manantena ny hangala-tahaka hatrany, matetika dia hain'ny mpampianatra foana ny mamantatra ny hoe : iza no tena nampiasa atidoha tamin'ny famaliana ny laza adina ary iza no tsy nisahiran-tsaina fa nandika ilay nataon'ilay tena niketrika, tsy sarotra mihitsy ho an'ny mpampianatra ny manavaka ny ''original'' sy ny ''copie'' na ''plagiat''.

Indraindray kosa aloha dia afa-panadinana ihany ny mpaka tahaka , saingy sahirana rehefa misondrotra kilasy, satria tsy maharaka, hany ka tsy maintsy mitady hatrany ny fomba feno hosoka efa nahazatra ny nisondrotana hatramin'izay.

Ny fanontaniana ilam-baliny izao dia ny hoe : azo eritreretina ve fa rehefa tsy lany filoha Ingahy Rajoelina amin'ny fifidianana manaraka, dia mety hirotsaka ho fidiana Ben'ny tanàna eto Antananarivo Renivohitra koa Ramatoa Mialy Rajoelina , sarotra inoana ny hananany fahasahiana amin'izany, satria efa tena mailo tanteraka ny vahoaka eto an-drenivohitra amin'ny resaka hoso-pifidianana.

Ny andrandraina amin'Ingahy Filoha ankehitriny, rehefa mivoaka ny vokapifidianana tsy misy hosoka dia ny haka tahaka ny fihetsika feno fahendrena nataon'ny Filoha Ravalomanana, izay nandefitra nanaiky ny vokapifidianana na dia fantany aza fa izy no tokony ho nandresy .

Fa ny azo antoka aloha dia tsy maintsy manao izay faraheriny ny fitondrana amin'ny fampiasana ireo fomba ratsy rehetra toy ny hatramin' izay, io efa iaraha-mahita io izao ny fididianana ireo mpikambana ao amin'ny ''Ceni'', tsy ny ao ihany fa any amin'ireo ambaratonga sy rantsamangaika rehetra mikirakira fifidianana , hiady fatratra hikaroka ny fomba rehetra hametrahana olona any amin'ireo ny mpitondra ankehitriny .

Raha nitohy ny hazo efa tonga tany an-danitra ny voalavo, ny zava-drehetra dia manampetra, tsy maintsy ho tapi-dalankaleha amin'izay ireo zatra ny lalan-dririnina izay tsy maintsy handrovitsihy ary mety ho tonga hatrany amin'ny fisandohana ny anaran'ny Filoha Ravalomanana, hamitaka ny vahoaka mpifidy , kanefa ny vahoaka malagasy efa tonga saina, tsy ho azo fitahina intsony, satria efa mahafatantra tsara ny ''VRAI MARC'' sy tena ''ORIGINAL''.

Ny Valosoa

NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

"Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena (Joe3.5)."

Romana 10:13

Ny Valosoa sy hadihady

Toa tsy misy mpitsara afaka hamerina amin'ny lalàna fototra

Mivarina any anatin'ny hantsan'ny fahalovana ny firenena

Toy ny Firenena tsy manana Lalàmpanorenana, mamerina ny mpitondra amin'ny làlana tsy izorany raha miviombio izy ireo, eo amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena. Tsapa amin'izao efa ho telo taona nitondrany izao, fa mivarina any amin'ny hantsan'ny fahalovana, eo amin'ny fitantanana ny Firenena, ka milalao ao anatin'ny kianjam-pilalaovana politika tsy misy mpitsara afaka mamerina ny mpisehatra tsy misy ankanavaka hanaja ny fitsipi-dalao voarakitra ao amin'ny Lalàna fototra mifehy izany. Na misy aza ireo fahefana telo: Fahefana mpanao lalàna, Fahefana Mpitsara, Fahefana Mpanatanteraka izay raha ny marina dia samy manana ny fiandrianany ary tsy maintsy mijoro miaro izany, kanefa raha ny tranga maro dia tsy afaka manao ny asany araka ny rariny sy ny hitsiny izy ireo, ka tsy takona hafenina intsony fa manjaka tokana ny fahefana mpanatanteraka. Raha manara-maso ny asa voafaritry ny lalàna na ny Politika ankapoben'ny Fanjakana (PGE), izay tsy maintsy tanterahin'ny mpanatanteraka no asan'ny mpanao lalàna dia ny mifamototra amin'izany ny fampiharana. Raha tokony hanontany ny anton'ny tsy nahatanteraka na tsy nahavitan'ny tetikasa tokony ho nataon'ny departemanta minisiterialy ao amin'ny distrika nifidy azy ny solombavambahoaka dia ny mangataka na misaotra ny mpanatanteraka no betsaka. Tsy mbola nisy eran'izao tontolo izao izany depiote antsoin'ny lehiben'ny governemanta ho eny an-dapany izany, mba hivory kanefa dia nisy teto amin'ity Firenena manana mpitondra mampitodika ny mason'izao tontolo izao ho aty. Tsy ao amin'ny Antenimierampirenena ihany no manana ny maro an'isa ny antoko miloko loranjy, fa ao amin'ireo andrim-panjakana hafa ihany koa. Ny mpikambana valo ambin'ny folo ao amin'ny Antenimierandoholona dia olon'ny IRD avokoa, ka ny lalàna rehetra tapahina ao dia araka ny baikon-dRajoelina Andry. Ny mpikambana sivy ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia olon'ny filohan'ny Repoblika avokoa, ka azo inoana fa raha misy tranga ataon'ny mpitondra mifanohitra amin'ny lalàna aza dia mbola hiverina indray ilay fehezanteny somary didy "azo raisina fa tsy mitombona" na dia amin'ny endriny hafa aza. Voatendry ny mpikambana ao amin'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fififdianana (CENI), voatendry fa tamin'olana ihany izany, ka ny tsapa dia olon'ny fitondrana avokoa izay voatendry na voafidy hatramin'izao. Tsy ilaina resahina intsony ny governora any amin'ny Faritra telo ambin'ny roapolo, izay manjaka tokana, ka mifehy na dia ny olomboafidy toy ny ben'ny tanàna sy solombavambahoaka aza. Araka izany dia tsapa fa toy ny mpanjaka no mitondra eto Madagasikara, ka tompomenakely avokoa ny rehetra any amin'ny rafi-pitantanana rehetra mijoro. Porofon'izany dia ny filohan'ny Repoblika hatrany no manana ny teny farany amin'izay ataon'ny rafitra rehetra. Eran'izao tontolo izao dia fahefana fahaefatra ny fanaovan-gazety, kanefa eto amin'ity Firenena ity dia efa eo ambany vahohon'ny mpitondrana izao ny Holafitry ny Mpanao Gazety Malagasy (OJM), satria mpiasam-panjakana ary kandidàm-panjakana tokana no nanaovana latsa-bato ka lany. Ankoatr'izany dia tsy voafehin'ny lalàna mihitsy Rajoelina Andry, ka manao fampielezan-kevitra sahady roa taona mialohan'ny tokony hanaovana izany, kanefa tsy manankambara ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana manoloana izany. Ny manahirana amin'izao fitondrana izao dia tsy fantatra mihitsy izay programan'asa entiny hampandrosoana ny Firenena. Tsy misy fantatra mazava na ny IEM na ny PEM na Plan Marshall na PGE na ny velirano teloambinifolo no tanterahana, ka lokoina volomboasary ny sekoly fanabeazana fototra iray efa misy na ny toeram-pitsaboana iray dia tokanana dia mahatsangana fotodrafitrasa, hono, ka efa mandroso ny Firenena, fa ny jamba na ny minia mikimpy no tsy mahita ireo asa vitan'ny fitondrana hoy izy ireo. Misy anefa ireo fotodrafitrasa natsangan'ny fitondrana teo aloha dia tsy mety tokanana, anisan'ireny ny seranam-piaramanidina etsy Ivato, sy ny Tobin'ny fiara taksibrosy etsy Ambohimanambola, izay odiana tsy fantatra mihitsy ny fisiany. Tetezin-dRajoelina Andry indray ireo Faritra nanaovany rediredy tato ho ato, ka anisan'izany ny any amin'ny Faritra SAVA nampanantenainy indray, fa tsy maintsy dimy arivo sy fito alina indray ny vidin'ny lavanila maintso. Varotra ato anatiny izany ka, angamba, ho tanteraka ihany fa ny vidiny eo amin'ny sehatry ny varotra iraisam-pirenena kosa dia tsy sahy namerina ny vidiny hampiakarina avo telo heny intsony izy. Dia fety be nisy afomanga indray no nentindRajoelina Andry nanambatambazana ny tantsaha mpisehatra amin'ny lavanila, ka asa raha hampiova inona izany. Kabary zato, teny arivo fa iray ihany no marina, ka azo inoana fa tsy ho jamban'ny patsa indray mahandro intsony ny olompirenena Malagasy rehetra.

Andry Tsiavalona

TONONKALO

Matahotra mpanao gazety ?

Mpitondra matahotra mpanao gazety,
Kanefa miseho dia miseho ho vedety ?
Ny vola no afafy fa tiana hohidiana.
Ny vavan`ireo `zay mitady hanakiana ?

Mpitondra matahotra mpanao gazety ,
Satria efa zatra manao ny tsy mety ?
Dia io fa tsabahina hatramin`ny holafitra
Hanaovana paika tsy manara-drafitra ?

Mpitondra matahotra mpanao gazety ?
Mitovy amin`ny omby mataho-tsarety !
Natao mba hitarika , kanjo igagàna
Fa tsy misafidy ny "ara-dalàna"!

Mpitondra matahotra mpanao gazety.
Mampiasa ny vola ary koa ny malety !
Kanefa aza kivy fa dia mahareta
`Nareo miady lava amin`ny "olona veta"!

TSIMIMALO (31-10-21)

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Fy Arovana R.